FANAMBARANA AVY AMIN'NY MPIASAN'NY FADITSERANANA ETO TOAMASINA

Taorian'ny Fitoriana izay nataon'Andriamatoa Président Ad Hoc de la Chambre de Commerce de Toamasina an'ny Orinasa MICTSL, dia misy ankehitriny fanadihadiana izay ataon'ny Groupement de la Gendarmerie ATSINANANA amin'ny Mpiasan'ny Faditseranana eto Toamasina. Marihinay eto anefa fa tsy misy tokony hidiran'ny Mpiasan'ny Faditseranana mihintsy amin'io ady io. Ary efa nisy fanazavana nentin'Andriamatoa TALE JENERALIN'NY FADITSERANANA tamin'ny haino aman-jery momba io tranga iray io

Tinay ary ny mampahafantatra ny Vahoaka Malagasy ny zavatra tena misy marina, mba tsy aha tompon-trano mihono antsika mianakavy:

Voalohany : Araka voalazan'ny « code des douanes » izay isan'ireo lalàna manan-kery eto amin'ny Tany sy ny Fanjakana Malagasy, dia ny Mpiasan'ny Faditseranana Malagasy no miandraikitra ny fanaraha-maso ny entana miditra sy mivoaka an'i Madagasikara, mandray ny haba-tseranana maro isan-karazany. Ny zava-misy anefa dia tsy mitovy amin' izany velively izay handraisanay Ohatra vitsivitsy amin'ny toerana samy hafa ny manjo ny Faditseranana Malagasy :

- **Ao amin'ny Port Toamasina** :

Tsy ny Mpiasan'ny Faditseranana eto Toamasina no manara-maso ny fidiran'ny entana haondrana any ivelany (Exportation) eo amin'ny Porte 5, fa ny Gendarmerie, ny Mpiasan'ny SPAT ary ny Sécurité TSG ary ny Mpiasan'ny MICTSL no mampiditra azy any amin'ny Terminale à Conteneur **(izay toerana tsy azon'ny Mpiasan'ny Faditseranana hidirana raha tsy mahazo alalana avy amin'ny MICTSL)** ahafahana manondrana azy. Nefa rehefa misy ny olana eo amin'ny fanondranana entana antsokosoko dia ny Mpiasan'ny Faditseranana foana no mizaka ny vokany.

Momba ny fanafarana entana avy any ivelany indray : tsy misy fantatry ny Faditseranana ny entana ampidinina na tonga ao amin'ny Terminale à Conteneur (TAC) ao fa ny taratasy fotsiny no aterina any aminay (izay tsy fantatray ny tena fahamarinany satria ny masonay tsy nahita). Ny mpiasan'ny MICTSL sy ny Sécurité G4S izay karamainy ihany no manara-maso sy mahafantatra izay zavatra mitranga ao amin'io TAC io ary ny MICTSL irery ihany koa anefa no manara-maso ny famoahana etana avy ao amin'ny TAC. Rehefa mivoaka ao ny entana dia maro ny toerana mety alehany eo, izay tsy voatery hohitan'ny Mpiasan'ny Faditseranana. Nefa dia ny Mpiasan'ny Faditseranana foana no mizaka ny

mangidy rehetra rehefa misy ny entana tsy hita na conteneur vaky fa ireo sampandraharaha maro miantsoroka ny fandriampahalemana sy ny filaminana ao anatin'ny Port toy ny Compagnie Spéciale de la Gendarmerie, Brigade de la Gendarmerie, Commissariat Spéciale de la Police ary ireo Sécurité G4S, SMMC ary TSG tsy maninona.

- **Eny amin'ny Aéroport Ivato** :

Raha vao manomboka ny fisavana entana sy ny mpandeha dia ny Police sy ny Scaner izay ampiasain-dreo no voalohany eo, manaraka azy eo ny Mpiasan'ny faditseranana manao ny asany ary eny am-body Avion dia mbola misy Gendarme manara-maso mialohan'ny hiondranana any ivelany. Nefa rehefa tafiditra any anaty Avion ny volamena amam-polony kilao ny lanjany, dia mbola ny mpiasan'ny Faditseranana Malagasy ihany no mizaka ny ngidiny hatramin'ny farany fa ny sasany vita mora.

Tsy hodianay tsy hita ny zava-nisy tany Antanimena, momba ny raharaha bois de rose, izay naha tafiditra amponja ny namanay ary tsy hita izay niafarany hatreto ; Teo ihany koa ny raharaha volamena tany Mahajanga izay nijalian'ny Mpiasan'ny Faditseranana. Aiza ireo Sampandraharaha izay niasa teny ?

Tsy fantatra intsony hoe: iza no manao inona eny amin'ny Port sy ny Aéroport eto Madagasikara ankehitriny ??? Nefa rehefa misy ny zavatra tsy mety dia izahay hatrany no voatondro molotra sy migadra fa ireo Sampandraharaha maro izay mifandrombaka mangalatra manao ny asan'ny Faditseranana tsy maninona na koa tsy voakitika mihintsy aza. Mila harenina ireo toe-javatra ireo fa tsy mety.

Faharoa: Araka ny voalazan'ny code des douanes ihany dia ny Mpiasan'ny Faditseranana dia Officier de Police Judiciaire na OPJ izay miandraikitra manokana ny fanadihadiana momba ny fandikana ny voalazan'ny code des douanes.

Tsy mbola nahita anefa ny vahoaka Malagasy hoe: Mpiasan'ny Faditseranana Malagasy nandeha nisambotra olona manao "attaque à main armée" na nanao operation nanenjehana mpangaro-paosy satria tsy asanay izany ka tsy hideiranay, ny asanay aza tsy arakay ny manao azy noho ny tsy fampian'ny Mpiasan'ny Faditseranana eto Madagasikara. Ny mampalaelo anefa dia ireo mpitandro filaminana namana kosa dia misalovana ny andraikitray, toy ny manenjika na manao fanadihadiana olona ahiahiana ho manao "soustraction des marchandises sous-douane" na fausse declaration isan-karazany.

Marihinay etoana fa ny Mpiasan'ny Faditseranana dia tsy miaro olo-meloka velively, fa aoka ny olona nianatra sy mahay ny raharaha no manao ny fanadihadiana mba tena ahitana ny marina.

Takinay noho izany ny tsy hitsabahan'ireo Sampandraharaha hafa amin'ny asan'ny faditseranana, indrindra ny fanaovana fanadihadina mahakasika infraction douanière. Fa ny

an'ireo Sampandraharaha hafa ireo aza ny asany tsy vitany izay iaraha-mahalala ny tsy fandriam-pahalemana misy eto Madagasikara.

Takianay ihany koa ny hisian'ny lalàna toy ny teo aloha mba hiarovana anay eo ampanatanterahana ny asa marina izay ataonay, mba hialana amin'ny alako bika, tsy tiko tarehy.

Miantso ny Mpiasan'ny Faditseranana Malagasy rehetra manerana ny Nosy izahay mba hiaraka aminay hitaky ny hametrahana ny Faditseranana amin'ny toerana tokony ho izy.